## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mampiasa fiara raitra hafa indray ny Filoha Rajoelina nefa ny vahoaka mahantra

**Toky Rafalimanana :** tantanta indray prezida an! Raopilanina indray izao e! Solution numéro 13 fô ny antsika sady efa foana ny delestazy, efa milamina sosialim-bahoaka, midina ny vidim-piainana,...! Mampiasa fiara raitra hafa indray ny Filoha Rajoelina nefa ny vahoaka tena mahantra.

**Faly Rabemanantsoa :** fa nga mbola marary fo ihany e… efa herintaona nge zay ny fifidianana e.

**Lahatra Andriamahatsangy :** samia velon'aina lesy zalah a. Tsy aretimpo zany fa nenlisany no aretitsaina, folie de grandeur. Macron ary lesy tsy manana blindé anankiroa nefa manana iles eparses.

**N'ml Arimanana :** arôzeo dia ataovy tonga aty aminay e. Zahay koa miandry an'le Miami an! Ze vita aloh na Miami na Paris dia mety aminay foana. Hihihiiiiii!

Tahiry Tiana Ranaivosoa : aleo ny olona hividy fiara ry Toky fa manam-bola iza aa.. Gasikara no tsy manana fa izy manana aaa!!

**Tahinjanahary Randriampianina :** Range Rover Vogue Blindé kosa, zay ihany ve no taraiky eo hitanareo eo fa solution jereko zao. Ny vahoaka anefa mitain-kidin-trano, indrisy.



**Haga Ravalison :** tena filoha tsy mieritreritra mihitsy, ny vahoaka fara-hidiny nefa mamoaka mamoaka fiara raitra ihany. Filoha tsy mieritreritra vahoaka mihitsy io, fa ny hihinana volam-bahoaka toy ny tamin'ny tetezamita ihany, izy sy ny mpiara-dia aminy.

**Tita Ramanotronarivo :** filoha tsy mitsinjo vahoaka fa ny tenany ihany. Tsy mahalala izay tena laharampahamehana, kianja manara-penitra angaha hihinanan-kanina!

## Sakafo N'y Valosoa



Laoka tsotsotra indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mofo laisoa no atolotra anao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

**TRANGA**

## Zava-nipoaka mafy alimbe, nanaitra ny mponin'Ivato

Nisehoana tranga tsy nampoizina teny Ivato, distrikan'Ambohidratrimo, ny faramparan'ny herinandro teo. Nisy zava-nipoaka mafy tamin'ny alimbe mantsy teny an-toerana. Taitra avokoa ny ankamaroan' ny mponina teny an-toerana noho izany. Araka ny fantatra dia fipoahana afomanga nifanesy alimbe io nitranga io, izay samy tsy nisy nanampo ny tany an-toerana. Manoloana izany, nisy ny fanambarana nataon'ny Kaominina Ivato: “tsy nisy fangatahana hanapoaka voarain'ny kaominina sady tsy nanome alalana hanapoaka izany ny kaominina Ivato. Ry vahoakan'Ivato, voarainay mpitantana ny kaominina tokoa ny fitarainanareo sy ny ahiahinareo ny amin'ny fipoahana mafy nifanesy izay niteraka fahatairana sy fitaintainana ho an'ny mponina rehetra, ny Zoma 22 Novambra , manodidina ny tamin'ny 11 ora alina. Tianay anefa ny manamarika fa tsy nangataka alalana tamin'ny Kaominina Ivato ny mpikarakara ilay lanonana. Tsy nanome alalana olona na hotely mpandray lanonana hanapoaka afomanga ety afovoan-tanàna amin'ny andro alimbe, ny Kaominina. Raha misy ny toe-javatra tahaka izany dia tsy maintsy misy ny fampandrenesana mialoha, mba tsy hampivadi-po sy hanakorontan-tsaina ny mponina izay nitsamboatra kanefa anaty torimaso lalina. Na saro-pady aza ny fitaovana mipoaka tahaka izany dia ilaina hatrany ny fepetra matotra mba hitandroana ny fitoniana sy ny fandriampahaleman'ny daholobe. Manoloana izany dia hanadihady lalina sy handray fepetra amin' ny toe-javatra toy izao ny fiadidiana ny kaominin' Ivato, ka hampita koa ny raharaha amin'ny ambaratonga samihafa voakasika. Misaotra antsika mponina », hoy ny fanambarana.

*Ny Valosoa*

**Fambolena**

## Miditra an-tsehatra mampianatra mamboly vary ny miaramila

Tsy mijanona an-dakazerina fotsiny ny miaramila, fa miditra an-tsehatra koa izy ireo amin'ny sehatry ny fambolena, indrindra ny sehatry ny fambolena vary. Arak'izany, tsy ny famarenana ny fahadriampahalemana ihany, fa midina an-tsehatra amin' ny fanampiana ny tantsaha amin'ny famokarana vary ihany koa ny tafika toy ny tany Ikalamavony, faritra Matsiatra Ambony. Nanampy ary nampianatra ny fambolena vary manara-penitra SRI ny tao amin'ny ZRPS Alpha Boa 2. Fanohitra lehibe ho an'ny fiharian'ny mponina ankehitry ny fisian'ny miaramila amin'ny toerana misy azy.

*Aly*



*Miaramila nampianatra namboly vary tany Ikalamavony.*

**Ady amin'ny tsy fandriampahalemana**

## Ireo adiresy ahafahana mifandray amin'ny zandary raha misy mampiahiahy

Eo amin'ny sehatry ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, nanokatra adiresy maro samihafa ny



SERVICE DE TRAITEMENT DES DOLEANCES

Au niveau du

*Secrétariat d'Etat auprès du Ministère de la Défense nationale en charge de la Gendarmerie*

Tél : 034 12 005 25 - 034 14 013 88

Adresse e-mail : doleancesgendarmerie@gmail.com

Compte Facebook : Doléances Gendarmerie

Adresse : Toby Jeneraly Philibert RAMAROLAHY Betongolo ANTANANARIVO 101 - MADAGASCAR

*Ireo adiresy azo ampitam-baovao amin'ny zandary.*

zandarimariam-pirenena afaka handefasana vaovao sy fitarainana amin'ny tranga rehetra mampiahiahy. Ho tsiambaratelo tanteraka anefa ho an'ireo manome vaovao na mitaraina any amin'izy ireo amin'izany, amin'ny tranga samy hafa mety hisy eny anivon'ny fiaraha-monina eny. Tsiahivina eto indray ireo adiresy ireo ho an'ny mbola tsy nahita. Milaza ny ao anivon'ny zandarimariam-pirenena: “aza mihafahafa manambara izay mampiahiahy, atao tsiambaratelo ny mombamomban'ny mpanome vaovao”. Ireo adiresy azo anomezambaovao ny zandary:

- tel: 0341200525 na 0341401388.
- adiresy mail: doleances-gendarmerie@gmail.com
- compte facebook: Doléances Gendarmerie
- Adiresy: Toby jeneraly Philibert Ramarolahy. Betongolo. (101)Antananarivo-Madagasikara.

*Ny Valosoa*

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanadiovana na gommage molotra mivalo-maity, na maina, na vakivaky



Fanadiovana na gommage molotra mivalo-maity, na maina, na vakivaky indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny fomba tsotra sy azo atao voalohany indrindra dia ny manadio azy, hialàn'ireo sela maty sy ny loto miraikitra eo aminy. Manampy ny hoditry ny molotra hiha-vao ihany koa izany, ka hanova tsikelikely ny kalitaony sy hanamandina azy.

Akora natoraly: afangaro ny tantely sy ny siramamy. Ahosotra eo amin'ny molotra izany. Somary orina malefaka sy kosehina ihany koa. Azo soloina karibonetra koa anefa ny siramamy. Ny tantely indray dia azo soloina menaka oliva. Na siramamy tsotra fotsiny koa aza anefa dia efa mety ary mahomby tsara koa.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambalahonko any amin'ny distrikan'Ambanja, faritra Diana

Ny tanànan'Ambalahonko, any amin'ny distrikan'Ambanja, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Iva toerana izy satria 11 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ary mpanjono ny ankamaroan'ny mponina. Vokatra any ny lavanila, ny kakao, ny kafe. Toerana mahavokatra voankazo voasary koa Ambalahonko.

